



Empowered lives.  
Resilient nations.



**TATITRY NY ATRIKASA «NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA ENY IFOTONY»**



**Figure 1: Lapan'ny tanäna Sakaraha**

**18 hatramin'ny 21 oktobra 2012  
Efitrano fivoriana, Kaominina SAKARAHA,  
Distrika SAKARAHA, Faritra ATSIMO ANDREFANA  
MADAGASIKARA**

## **Fizahan-takelaka**

FANOLORANA .....	3
TANTARA : .....	4
FIZOTRY NY ATRIKASA.....	4
FAHATRATRARANA NY TANJONA : .....	17
Ireo fanamby:.....	17

## **Tovana**

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA .....	18
TOVANA B: LISTR'IREO MPANDRAY ANJARA .....	21
TOVANA D : FAMOLAVOLANA NY TETIKASAM-PIARAHAMONINA (PROJET DE SOCIETE) SAKARAHHA ...	23
TOVANA E: TOMBANA .....	30

## FANOLORANA

Ity atrikasa ity dia natao indrindra entina hanatanterahana ny Dingana 4,7,8 momba ny vehivavy sy ny fifidianana eny ifotony izay notanterahana ny 18 ka hatramin'ny 21 OKTOBRA 2012 tao amin'ny efitrano malalaky ny Kaominina SAKARAHHA Distrika SAKARAHHA Faritra ATSIMO ANDREFANA.

Ny tanjon'ny atrikasa dia fampahafantarana ny miralenta sy ny andraikitrany eo amin'ny fampandrosoana. Eo ihany koa ny famporisihana ny vehivavy handray andraikitra amin'ireo fifidianana ifotony .

### IREO LOHAHEVITRA :

- **Lohahevitra voalohany:** Ny fifanarahan'ny faritra Atsimon'ny Afrika momba ny Miralenta sy Fampandrosoana
- **Lohahevitra faharoa:** Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.
- **Lohahevitra fahatelo:** Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.
- **lohahevitra fahaefatra:** Hevita sy tetika ahatongavana amin'ny Miralenta
- **Lohahevitra fahadimy:** Fitsinjaram-pahefana sy Fanapariaham-pitondrana ary ny Kaominina, Fandraisan'ny vehivavy andraikitra eo amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny fitantanana ifotony.
- **Lohahevitra fahaenina:** Ny paika Fiseraserana
- **Lohahevitra fahafito :** Famolavolana Tetikasam-piarahamonina (projet de société)
- **Lohahevitra fahavalo:** Fandresen-dahatra amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia torohay

### NY ZAVA-MISY AO AMIN'NY KAOMININA SAKARAHHA:

Kaominina iray ao anatin'ny faritanin'ny Toliara , Faritra ATSIMO ANDREFANA , manana mponina 40000 , velarantany 1371 km<sup>2</sup>

Fokontany 23 , sekoly EPP 18, sekoly tsy miankina 06, sekoly ambaratonga faharoa 01

Raha ny toejava-misy eo amin'ny Kaominina momba ny Miralenta dia mitovy amin'ireo Kaominina hafa ao anatin'ny Faritra Atsimo Andrefana . tsy dia mahazo vahana ny vehivavy amin'ny sehatra . Antony maro no mahatonga izany , fa ny tena antony lehibe indrindra dia ny fomban-drazana.

Olana eo amin'ny kaominina ny:

- Fahasimban'ny tontolo iainana
- Fahasimban'ny toerana azo volena
- Tsy fahafantarana ny vokatra mivoaka (vato sarobidy)
- Tsy fahampian'ny fotodrafitrasa (lakan-drano)
- Tsy fahampian'ny fidiram-bola ho an'ny vehivavy

Vahaolana amin'izany:

- Fandraisana andraikitra amin'ireo mpitrandraka tsy manara-penitra
- Fitadiavana fomba ahafahana mifehy ny vokatra miditra sy mivoaka
- Fitadiavana paikady ahafahan'ireo vehivavy hampidi-bola

## **TANTARA**

- **Tantara tsotran'ireo rafitra telo**

Ny Gender Links dia Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na Organisation Non Gouvernementale iray manana ny foiben-toerany atsy Afrika Atsimo, miasa ary mampiroborobo ny Miralenta sy ny ady amin'ny Herisetra indrindra mianjady amin'ny Vehivavy sy ny Ankizy. Firenena 14 manerana ny Faritra Atsimon'i Afrika no iasan'ny Gender Links ka isan'izany i Madagasikara. Tamin'ny volana jolay 2011 no nomarihina ara-pomba ofisialy ny fisokafan'ny masoivihony eto Madagasikara.

Ankoatra ireo Kaominina izay efa voafidin'ny Gender Links ho "centre d'excellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" ka efa mampihatra ny fijery Miralenta tamin'ny taona 2010, dia nihitatra tamin'ireo sehatra hafa toy ny fikambanana misahana ny Miralenta sy ny Fitondrana ifotony ny fanaparitahan'ny Gender Links ny asany tamin'ny 2011.

Nohon' ny fahatsapan'ny roa tonta, dia ny ONG Gender Links sy ny PNUD ny fifamenoan'ny tanjona napetrak'izy ireo tsirairay avy, indrindra ny mahakasika ny fampahombiazan'ny Fitondrana ifotony eto Madagasikara, dia nanao Fifanekem-piaraha-miasa vita Sonia izy ireo, ka ny tanjona napetraka dia ny fampidirana ny fomba fijery miralenta amin'ny fitantanana eny ifotony sy ho fampiakarana ny tahan'ny vehivavy mandray andraikitra amin'ireo sehatra fanapahan'kevitra sy mpanatanteraka eny ifotony.

## **FIZOTRY NY ATRIKASA**

### **IREEO MPANDRAY ANJARA:**

Miisa 25 ny mpizaika izay nahitana ny olomboafidy izay notarin'ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna Andriamatoa ANJARASOA Raymond sy ny Filohan'ny Mpanolontsaina Atoa REFENO Jaona Philippes ary ireo solontenan'ny fikambanam-behivavy misy ao SAKARAHAM, miaraka tamin'ny mpanao gazety vehivavy vitsivitsy izay hita fa tena liana avokoa ka samy naharitra hatramin'ny farany avokoa.

### **KABARY NIFANDIMBIASANA**

Ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna no nanokatra ny fotoana, ninary soa sy niarahaba ireo mpandray anjara rehetra ary nanolotra ny mpampiofana dia Andriamatoa RAHARISON Roger Fidèle.

Nitondra ny fialantsiny avy amin'ny Ben'ny Tanana amin'ny tsy maha eo an-toerana azy ny lefitry ny Ben'ny tanana ary avy hatrany dia naneho ny fahavononany amin'ny fiaraha-miasa ho fametrahana Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra eo anivon'ny Kaominina misy azy. Hita taratra sahady tamin'ny fahafehezany ireo dingana rehetra tsy maintsy hatao noho izy efa nanaraka ny fihaonana niaraka tamin'ireo Ekipa Mpitantana ny Tanàna, ka hita soritra avy hatrany ny fahavononan'ny Kaominina SAKARAHAM hampihatra ny miralenta. Tsikaritra ho efa nangetaheta sahady izay ho vohizina mandritra ny atrik'asa ireo mpizaika izay marihina fa solontena avy amin'ny fikambanam-behivavy ny ankamaroan'izy ireo, ary toky ho azy ireo ny nahafantatra fa efa nihaona tamin'ireo Mpitantana ny Tanàna ny Mpampiofana talohan'ny fiofanana, ary efa nanaiky ny hampihatra ny politikan'ny Miralenta ireo Tompon'andraikitra ireo.

Nandray fitenenana ny mpampiofana avy eo dia Andriamatoa RAHARISON Roger Fidèle, izay naneho ny fisaorana ny Kaominina indrindra ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna sy ireo mpandray anjara rehetra tonga. Nitondra ny fanazavany izy mahakasika ny:

1. Ny fisiana sy ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny ONG Gender Links sy ny PNUD

2. Ny fifanaraham-piaraha-miasa misy io Fikambanana voalaza etsy ambony io sy ny PNUD izay mamatsy vola ny fanatontosana ireo tantsoroka sy fampiofanana eto amin'ny Kaominina SAKARAHA
3. Ny "processus centre d'excellence" eo amin'ny fametrahana ny Miralenta eny ifotony, sy ireo dingana efa nodiavin'ireo Kaominina hafa efa voasokajy ho amin'izany
4. Ny fanambarana fa ho isan'izany "centre d'excellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" izany ny Kaominina SAKARAHA, rehefa nanaiky ireo ekipa mpitantana ny Tanàna tamin'ireo fanadihadiana natao taminy. Notsiahivina koa anefa ireo dingana samihafa mbola miandry ny Kaominina SAKARAHA, ka tafiditra anatin'izany izao atrik'asa hatao izany.

#### FANAOVANA SONIA SY ATRIKASA:

Ary tamin'izany ihany koa no nanaovana ny Sonia ny fiaraha-miasa eo amin'ny Kaominina sy ny Gender links izay nataon'ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna sy ny Filohan'ny mpanolontsaina, Avy eo dia niroso tamin'ny fifankafantarana ny rehetra ary avy hatrany dia niroso tamin'ny fiofanana araka ny voafaritra ao amin'ny tetiandro ka Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa izay nezahina ny fampandraisana anjara ny mpiofana tamin'ny alalan'ny fizarana isan-tarika sy fampiasana cartonnette . Ny andro faharoa kosa no nanazavana ny mahakasika ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanaparaham-pitondra ary ny Kaominina manokana narahina fijorona vavolombelona izay nataon'ny mpampiofana ihany ,marihina fa maro ny fametraham-panontaniana izay nahitambaliny avokoa teto.Ny andro fahatelo kosa no namolavolana ny tetikasam-piaraha-monina(projet de société)izay natomboka tamin'ny fanazavana sy ny fizarana tarika 5 ny mpiofana mba hahamaro ny tosan-kevitra momba izany marihina fa naharitra iray andro sy tapany izany ka notohizana avy hatrany tamin'ny Paikadin-tserasera sy ny fizarana ireo ho kandida hiresaka amin'ny mpanao gazety sy hanazava ny tetikasam-piaraha-monina novolavolaina,mpanao gazety roa(RNM syTVM,RADIO RAGNALAHY)no nasaina tamin'izany.Ny tapany farany tamin'ny andro fahefatra kosa no nampianarana ny fandresendahatra amin'ny fampiasana ny teknolojian'ny fifandraisana ka nahafahan'ny mpiofana miisa 18 nanokatra adiresy mailaka marihina fa niampy tanora zazavavy hafa nanatrika ny fampianarana teto.



#### FOMBA FIASA NANDRITRA NY ATRIKASA:

Rehefa izany dia nozaraina tamin'ny mpizaika ny Boky Torolalana fampiofanana, ary narahana fanazavana izany fa fitaovana iray mandaitra sy manomora ny fampiofanana io. Ireo mpizaika miisa 25 dia nahazo iray avy tamin'io Boky io.

#### NY ANTSIPIRIANY ISAKY NY LOHAHEVITRA

### **LOHAHEVITRA 1**

#### ***NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA***

**Tanjona :** Fampahafantarana ny mpandray anjara ny votoatin'ny Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I AfrikaFAA

#### **Tanjon'ny lohahevitra:**

- Fampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firenen-tsamihafa

- Famohazana ny sain'ny mponina (mpizaika) fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo (fifanarahana)

**Zavatra natao:**

- Famakiana ny voarakitra tamin'ny fifanarahana sy fanazavana bebe kokoa ny voarakitra
- Famaliana ny Quiz

Hita fa ny akamaroan' ireo mpizaika dia nahita ny valiny marina tamin'ny Quiz izany hoe nahazo tsara ny niandohana sy ny fizotran'ny ezaka rehetra nataon'ireo vehivavy ka nivoahan'ny Fifanarahan' ny Faritra Atsimon'i Afrika na ny FAA.

Fanirian'ny mpiofana tamin'izany ny hanaovana photocopie ny FAA ka hozaraina ho azy ireo tsirairay avy indrindra ny amin'ny teny Malagasy.

FANONTANIANA	NAHAMARINA	NANDISO	VALINY MARINA
Laharana 1	23	00	c - Tamin'ny 2008 tany Johannesburg
Laharana 2	23	00	a – Eny
Laharana 3	18	05	a - Botswana sy Maurice
Laharana 4	20	03	b – 28
Laharana 5	23	00	a - 50% amin'ny 2015
Laharana 6	14	09	b - Fampihenana antsasaman'ila ireo tranga na herisetra izay misy amin'izao fotoana izao amin'ny 2015

- Nohazavaina tamin'izy ireo ny mahakasika ny SADC sy ireo fifanarahana hafa nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny
- Nomarihina manokana teto fa tsy ny ara-politika irery akory no mamapalaza ny SADC

**Asa natao:**

Toy izao ny valim-panotaniana navalin'ireo mpizaika:

- 1- Fanalavana ny SADC  
SADC: Fikambanan'ny firenena maromaro eto Afrika Atsimo  
SADC: Mpanelanelana Olana ao amin'ny Firenena iray
- 2- Karazana fifanarahana nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny

*Eo amin'ny iraisam-pirenena:*

- Conference de Beijing na Beijing 1995
- DUDH: Déclaration Universelle de Droit Humain
- OMD : Objectif du Millenium pour le Développement
- CEDAW (teny anglisy)/ FIFEV: Fifanarahana iraisam-pirenena ho Fanafoanana ireo Endrim-panavakavahana mianjady amin'ny Vehivavy

*Rejionaly na Faritra:*

- Protocole SADC : Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika mahakasika ny miralenta sy fampandrosoana

*Nasionaly: MADAGASIKARA*

- Lalam-panorenana
- PNPf : Politique Nationale de la Protection Féminine
- PCD : Plan Communal de Développement Analavory
- PANAGED: Plan d'Action National pour le Genre et Développement

Nomarihan'ny mpampiofana fa mba hisorohana sahady ny mety ho fifangaroana mandritra ny fampiofanana atao, raha vao miresaka hoe "région" na Faritra dia tsy ireo miisa 22 eto Madagasikara akory fa oharina amin'ny toerana na faritra misy an' i Madagasacr; ohatra : Faritra Atsimon'I Afrika na ny SADC sy ny toerany miohatra amin'ny ranomasina Océan Indien.

#### Famintinana :

Ny FAA izay halavaina hoe « Fifanarahan'ny faritra Antsimo ao Afrika » (SADC) dia ireo fikambanan'ny Firenena niady ny hisian'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Firenena. Anisan'ny zavatra niadiana ny hanaovan'ireo Firenena sonia ilay FAA na ny Protocole de la SADC izay ahitana tanjona maromaro.

Koa satria i Madagasikara efa nanao sonia io Fifanarahana io, dia nohazavaina fa anisan'ny hirotsaka sy hiaina izany miralenta sy ny fampandrosoana izany ihany koa ny Kaominina SAKARAHHA, ka izay no antony hanaovany NY FIOFANANA hahafahany mampihatra io FAA io. Ary dia efa nazavazava sahady ho an'ny mpizaika ny zavatra andrasana aminy.

## **LOHAHEVITRA 2**

### ***NY HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA***

#### **Zavatra natao :**

- Famakiana miaraka ny **Tanjona** amin'io lohahevitra io ;

Rehefa voavaky ny tanjona dia hita fa : ny hahazinan'ny tsirairay manavaka ny Toetra voajanahary (Sexe) mampiavaka lahy sy ny vavy, ary fombafomba amam-panao novolen'ny fiaraha-monina (Genre) hanavahana ny vehivavy amin'ny lehilahy.

#### **Asa natao :**

Ny fampiasana voalohany : fizarana ho an'ny mpizaika cartonnette efa misy karazana toetra sy anjara asa ary nasaina nametaka tsirairay eny amin'ny tabilao mizara tsanganany roa dia ny lahy sy ny vavy izy ireo.

Rehefa natao ny famadihan-toerana ny Tsanganana misy ny Lahy amin'ny tsanganana misy ny Vavy, dia teraka ho azy ny ady hevitra. Rehefa noraisina tsirairay anefa ireo toetra aman'adidy heverina fa iombonan'ny Lahy amin'ny Vavy, dia nanaiky ary resy lahatra ihany ny mpizaika sasany izay nihazona fa misy toetra sy andraikitra natao manokana ho an'ny lehilahy, toy ny mitondra fiara vaventy, manao maçon, sns...; dia mba mety ho vitan'ny vehivavy ihany koa;

#### **Tsoakevitra :**

Ny ady hevitra sy ny fampiasana natao dia nahazoan'ny mpizaika tsara ny tiana hahatongavana sy ny tsoakevitra manaraka ireto, izay niombonan-kevitra ny rehetra ny mampitombona azy tanteraka dia ny :

1. Ny voajanahary na ny Sexe dia ireo toetra sy anjara asa izay avy amin'ny Mpamorona ka tsy azo ovaina, na koa hoe toetra raikitra ireo, ohatra: ny vehivavy irery ihany no bevohoka, miteraka, mampinono, misy fadim-bolana; ary ny lehilahy irery no mampaniry volom-bava, misy filahiana, ary vaky feo.
2. Ireo fiheverana novolavolaina na noforonin'ny fiaraha-monina na ny Genre ny amin'ny mety ho toetra na anjara asa hanavahana ny lahy amin'ny vavy dia azo ovaina tanteraka. Izay no mahafaritra tsara ny atao hoe Miralenta, dia ny fahafahan'ny vavy sy lahy samy manana toetra sy misahana andraikitra mitovy.
3. Tsy miady hanova ny voajanahary velively ny Miralenta, fa miady handrodana ireo fiheverana novolavolain'ny fiaraha-monina ny amin'ny toetra aman-asa voatokana ho

an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy kanefa mampisy fiantraikany ratsy eo amin'ny isambatan'olona na ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny.

4. Ireo izay nandà fatratra teo aloha fa misy ny toetra sy asa amandraharaha manokana ho an'ny vavy na ho an'ny lahy, taorian'ny adihevitra, dia nanaiky ny fahamarinan'izay voalaza. Notsoahina tamin'izany ary fa ny fanombohana ny Miralenta dia ny fanekena hanova ny foto-pisainana izay mitaky asa lehibe.

Tao anatin'io fampiasana io dia samy niaiky ny rehetra fa ny asa afaka ataon'ny lehilahy dia afaka ataon'ny vehivavy avokoa. Ary dia niarahana namaky ireo famaritana hita ao amin'ny Boky Toro-lalana.

Niara-niaiky ny rehetra fa azo atao mihitsy ny manova ny fomba fisainana ka hatomboka avy ao amin'ny tokantrano izany dia itarina amin'ny mpiara-monina sy mpiara-belona ary eo anivon'ny Kaominina

Asa natao:

Noraisina ny fampiasana laharana 6 amin'ny Boky Toro-lalana pejy faha 27 mba hisontonana ny sain'ny mpizaika fa iainany tokoa ireny fiheverana ireny na dia tsy tonga saina loatra ny amin'izany aza isika. Nozaraina Tarika 4 ny mpizaika, ka nomena lohevitra roa avy amin'ireo hita ao amin'ny Fampiasana; ka asaina ny iray amin'ny isan-tarika haneho ny vokatry ny tarika misy azy eny anoloana.

IREO VOKATRA AZO:

**Groupe 1**

**Ohabolana sy oha-pitenenana manindraindra ny lehilahy na manambany ny vehivavy :**

- Sikotry tsy lavitsy aomby gny lehilahy tsy lavitsy ampela
- Ze adala no toa an-drainy
- Sinibe manga roa ny R.A.R tsy misy tombo sy hala
- Akanga lahy tsy mba miotro
- Sinibe tsy mba matsaka ny Lehilahy
- Manao akohovavy maneno

Oha-pitenenana :

- Ny vehivavy no loharano nipoirana
- Akoho vavy maneno
- Fanaka malemy ny vehivavy
- Mihan-jafy tsy manana anaky
- Hafa gny niteraky ka hafa gny membo romba

**Groupe 2**

**Hira manindraindra ny lehilahy na manambany ny vehivavy :**

- Ny vehivavy fanaja : LOLA
- Jarifa sy Rojo
- Malemilemy : LOLA
- Fanaka malemy : Francis Turbo
- Nalamolamoiny : Pierrot de Matatana
- Samy mahery :Tence Mena
- Maman'I Dolores : DIN
- Tsy afaka @ io vehivavy io ialahy na ho aiza na ho aiza :NY AINGA

**Groupe 3**

**Teny ao amin'ny Baiboly:**

Tsy tsara raha irery ny lehilahy  
Aoka mba tsy hanao toetran'ny lehilahy ny vehivavy  
Ra vehivavy Hajao ny vadinao



- Ra vehivavy maneke ny vadinao
- Izay nakamban'Andriamanitra tsy hosarahin'olombelona
- Vehivavy Esther
- Ra vehivavy indro ny zanaka

#### **Groupe 4:**

#### **DOKAM-BAROTRA SY HAINO AMAN-JERY:**

- Gazety jejo
- Lamaody mivoaka amin'ny tele
- Fampisehoana Miss
- Chef Marus
- Ny vehivavy dia entina handravahana zavatra hamidy
- Fanamboarana endrika (coiffure)
- Ny lehilahy dia aseho amin'ny alalan'ny hery

### **TSOAKEVITRA**

Maninona no tsy atao mitovy ny karaman'ny lehilahy sy ny vehivavy? Ny ora iasana anefa mitovy, ny asa atao mitovy.

- Ny fiheverana raiki-tapisaka momba ny fisian'ny anjara asa aman'adidy natokana ho an'ny lahy sy natao ho an'ny vavy dia fiheverana napetrakin'ny fiaraha-monina amin'ny fiainana rehetra andavan'andro sy ny kolotsaina misy ka zary niainan'ny taranaka mifandimby ary lasa tarazo.
- Indraindray aza dia heverin'ny fiaraha-monina ho toy ny voajanahary ireo toetra sy asa aman'andraikitra napetraky ny fiaraha-monina fa natokana ho an'ny lehilahy na natokana ho an'ny vehivavy

### **LOHAHEVITRA 3**

#### **NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA**

#### ***Tanjona:***

- Ny fifandraisan'ny miralenta sy ny fitondram-panjakana dia tsy hoe fanomezana toerana ny vehivavy eo amin'ny sehatra Politika na fandraisany anjara amin'ny fanapahan-kevitra ihany fa tena mihoatra lavitra noho izany.
- Atao izay fomba rehetra ahafahana manome lanja ny hevitra atolotrin'ny vehivavy

Hojerena amin'ny alalan'ny asam-baomiera ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy ho tafiditra eo amin'ireo sehatra hanapahan-kevitra sy fitarihana, tsy mahatonga azy handray anjara ary tsy hitondra fanovana ary entanina ny mpizaika hanolotra vahaolana hivoahana amin'izany ihany koa.

Nozaraina tarika telo ireo mpandray anjara, ka napetraka tamin'ny tarika tsirairay ny fijerena ny antony na ny olana mahatonga indrindra ny vehivavy tsy ho afaka miditra, mandray anjara ary mitondra fanovana tsara. Mampiasa emballage ny tarika tsirairay, ary manendry olona iray hitatitra ny asam-baomiera nataony manoloana ny mpizaika rehetra.

### **Groupe 1:**

#### *Fahazoa-miditra*

Nomarihina tsara eto fa heverina ho mbola tsy tafiditra amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana mihitsy ny vehivavy

#### Olana

- Fanaovana tsinotsinona ny vehivavy
- Fiheverana ny vehivavy ho fanaka malemy
- Toetra raiki-tapisaka eo amin'ny fiaraha-monina
- Tsy fahasahiana miteny (tahotra ,henatra)
- Fanavahana ny andraikitra omena ny vehivavy
- Manavakavaka ny antoko politika
- Tsy fananana fahaizana sy fahalalana



#### Vahaolana:

- Fampianarana olon-dehibe fa indrindra ny vehivavy
- Fanohanana ny hevin'ny vehivavy
- Fanomezana sehatra ny vehivavy
- Omena fitaovana ny vehivavy hanatanterahany ny asany
- Fanalana ao an-tsaina fa ny vehivavy dia fanaka malemy
- Fiovana toetsaina hialana amin'ny raiki-tapisaka

### **Groupe 2:**

#### *Fandraisana anjara*

Nomarihina tsara eto fa heverina ho efa tafiditra amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy fa tsy afaka mandray andraikitra izy

#### Olana

- Fanilikilihana ny vehivavy sy ny heviny
- Tsy fahampian'isan'ny vehivavy eo amin'ny Andrim-panjakana
- Tsy to-teny
- Tsy ampy fahasahiana
- Azon'ny tsindry hazo lena
- Tsy mahay taratasy
- Tsy fahazarana miteny imasom-bahoaka
- Ny fomba amam-panao no tena anisan'ny sakana tsy handraisana andraikitra (hevi-behivavy)

#### Vahaolana:

- Fanentanana ny vehivavy ho sahy mandray andraikitra
- Tokony tsy ho kivy
- Tokony ho sahy lalandava
- Fampitomboana ny fampianarana olo-dehibe indrindra ny vehivavy
- Tsy tokony hanararao-pahefana ny lehilahy fa hihaino ny hevitra ny vehivavy
- Fampiofanana ara-pahalalana, fitarihana (leadership)
- Fahasahiana sy fanapahan-kevitra
- Fahaizana mandresy lahatra

### **Groupe 3:** Mitondra fanovana

Nomarihina tsara eto fa heverina ho efa tafiditra ary efa mandray anjara amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy fa tsy mitondra fanovana akory izany

#### Olana

- Tsy mety miala ny raiki-tapisaka
- Ny tsy fiovan'ny toe-tsaina eo amin'ny samy vehivavy
- Tsy vokatry ny fo ny fanatanterahana ny miralenta fa ambava fotsiny(tsy azoazonny)
- Be ny tahotra sy ny fahalemena eo amin'ny vehivavy
- Vitsy an'isa ny vehivavy eo amin'ilay sehatra
- Tsy fahaiza-manao
- Nohon'ny politika
- Tsy voafaritra mialoha ny fanovana tiana hahatongavana

#### Vahaolana

- Tokony ho maro anisa ny toeran'ny vehivavy mandray anjara
- Hitarina hatrany ny fanentanana eny anivon'ny fiaraha-monina
- Tokony hampidirina ao amin'ny lalam-panorenanan ny fitovian'isan ny lahy sy vavy
- Sahia mandray andraikitra
- Fananana tetikasam-piarahamonina (projet de société )

#### TSOAKEVITRA

- Mba hahafahan'ny vehivavy miditra sy mandray anjara ary mitondra fanovana eo amin'ny rafim-pitondram-panjakana sy ireo sehatra fandraisana fanapahan-kevitra sy fitarihana samihafa, dia ilaina hananan'ny vehivavy ny fahasahiana, farim-pahaizana mifandraika amin'ny zavatra hataony, ny fahavononany, ary ny fifanarahana eo amin'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina.
- Ilaina ny fanabeazana ny lehilahy mba hanaiky fa afaka mitana andraikitra eo amin'ireo sehatra fandraisana fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy, ary mila ny fanohanany izy ireo izany
- Ilaina toy izany koa anefa ny fandresen-dahatra ny antoko politika mba hanaiky ny fampidirana ny vehivavy ao anaty lisitra.

Nomarihin'ny mpampiofana fa efa hevitra azo entina any amin'ny fandrafetana tetikasam-piarahamonina 'projet de société' avokoa izany, ary efa nanomboka nampiseho ny fomba famolavolana izany tetikasam-piarahamonina izany izy. Efa nisarika sahady ny sain'ny mpizaika izany fomba fijery izany hamadika sahady ho soritr'asa ireo noheverin'ny mpizaika fa vahaolana (asa hatao) manoloana ny zava-misy eny an-toerana (fototra iaingana). Naseho teto ireo endrika (contextures) ny tetikasam-piarahamonina lasitra, ary nanomboka nitondrany fanazavana ny mikasika ny famenoana ny tetikasam-piarahamonina izay heverina fa efa hatomboka amin'ny andro manaraka ka mandrampifaranan'ny atrik'asa izany.

Noraisin'ny mpampiofana ho azo ampiharina amin'izao atrik'asa izao io tsingerina voalaza etsy ambony io. Nohazavainy fa sehatra iray fanapahan-kevitra ity atrik'asa atao ity, satria izay vitan'ny mpizaika eto dia tanterahina eto anivon'ny Kaominina SAKARAHHA ao. Efa tafiditra anatin'ity sehatra fanapahan-kevitra ity ianareo izany zao, ka inoana ho izy fa handray anjara foana indrindra any amin'ny asam-baomiera, ka ny fandraisanareo anjara dia hitondra fanovana marina eto amin'ny Kaominina rehefa ho tanterahina ilay tetikasam-piarahamonina nandraisanareo fanapahan-kevitra teto. Nanomboka teto izany dia efa hitan'ireo mpizaika

soritsoritra ny lahasa miandry azy ireo, ary tsapa fa efa manomboka maharaka (en phase) tsara amin'ilay "approche participative" nampiasain'ny mpampiofana izy ireo.

#### **LOHAHEVITRA 4**

#### ***HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN' NY MIRALENTA***

#### **Tanjona :**

- Fampahafantarana ny antony mahatonga ny Miralenta ho tsy azo sarahina amin'ny fampandrosoana;
- Fanasongadinana ny mahasamihafa ny filana fototra andavanandro sy ny filana maharitra mila paik'ady izay anisan'ny voizin'ny miralenta mba tsy hisian'ny elanelana be eo amin'ny isan-tokantrano
- Fijerena akaiky ireo hevitra fototra hoenti-miroso amin'ny fanatanterahana ny Miralenta sy ny fampidirana ireo foto-kevitra ireo any amin'ny drafitra fampandrosoana.

#### **Asa natao :**

Natao an-tsary tamin'ny alalan'ny emballage ny sary tao amin'ny pejy( ) ao amin'ny Boky Torolalana mba ho hitan'ny rehetra ka dia nametrahana fanontaniana izy ireo araka ny fanontaniana mipetraka eo amin'ny pejy faha 47. Isaky ny valim-panontaniana iray amin'ireo fanontaniana roa voalohany dia nosokafana foana ny ady hevitra. Voamarika ary niraisan'ny rehetra avy eo ny valiny amin'ireo fanontaniana:

1. "Manome vola azy hividianany entana". Mamaly avy hatrany ny filan'ilay olona izany, ary mahavonjy azy eo no ho eo. Azo atao raha tsy manana ianao ny "miangavy an'ireo namanao hanampy azy".
2. "Manome fiofanana azy ahafahany manangana orinasa madinika". Vahaolana iray maharitra, mitaky fotoana kanefa mety hanala ny fahasahiranany nohon'ny fananany asa maharitra fa tsy antselika intsony. Rehefa izay dia "manoro hevitra azy ny amin'izay toerana mety hahazoany mindam-bola".

Nisokatra avy eo indray ny ady hevitra momba ny famaritana ny atao hoe "filana fototra andavan'andro" sy ny "filana maharitra mila paik'ady". Nomarihana ny hevitra nivoaka avy amin'ny mpiofana :

#### **Filana fototra andavan'andro:**

- Eo no ho eo sady mora atrehina amin'ny ankapobeny
- Fanomezana zavatra mivaingana sy azo tsapain'ny Tanana
- Mora lany ihany koa sy mora levona ary dia hitady indray avy eo
- Tsy mitondra soa
- Ohatra teto : ny mpangataka isan'andro eny an-tsena izay tsy miato mihintsy fa mangataka ihany mandritra ny androm-piainany.

## **Filàna maharitra mila paik'ady**

- Lavitra ezaka
- Mila ny ezakin'ny tsirairay
- Azo tohizana mandritra ny androm-piainana
- Afaka ifampizarana vondrona maromaro na olona maromaro
- Misy fiatraikany any amin'ny saina
- Ohatra :Raha mitady trondro dia fintana no omena azy

Tsapan'ny rehetra teto fa amin'ny ankapobeny dia ny filàna fototra andavan'andro ihany no matetika ampiharina eto SAKARAHY na eo anivon'ny fiaraha-monina izany na eo amin'ny kaominina amin'ny ankapobeny. Izy roa ireo anefa dia mila ampiarahina hatrany eo amin'ny fampiharana ny Miralenta ka mila ezaka goavana ny fampidirana izany ho laharam-pahamehana eo anivon'ny Kaominina sy hanovana izany eny anivon'ny fiaraha-monina isan-tsokajiny.

### **LOHAHEVITRA 5**

#### **FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAMPARIAHAM-PITONDRANA ARY NY KAOMININA SY NY FANDRAISAN'NY VEHIVAVY ANDRAIKITRA EO AMIN'NY FANAPAHAN-KEVITRA AMIN'NY FITANTANANA IFOTONY**

#### **Tanjona :**

- Ny ahaizan'ny mpiofana manavaka ny andraikitra sahanin'ny olomboafidy sy ny fifandraisany amin'ny olom-boatendry
- Ny ahafantarana ny Kaominina sy ny tandrifim-pahefana ho an'ireo olomboafidy (Maire, Mpanolontsaina)
- Ahafahan'izy ireo manapa-kevitra hirotsaka hofidina

#### **Fomba fiasa:**

- Nezahina nosoratana tamin'ny emballage ny tabilao manavaka ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanampariaham-pitondrana  
Navoitra tamin'izany ny fotokevi-dehibe,ny mpitantana sy ny momba ny fitantanana ary ny fifampitondrana sy fiantsoana ireo rafitra mba ho fantatry ni mpiofana .
- Nohazavaina manokana toy izany koa ny kaominina ka nofaritana ny atao hoe Kaominina sy ireo sokajin'ny kaominina misy eto Madagasikara,notanisaina irao karazan'asa sy fitantanana ny raharampajakana eny anivon'ny Kaominina
- Manaraka izany dia nampahafantarina azy ireo ireo ratsa-mangaika eo anivon'ny Kaominina (Maire, Mpanolontsaina) miaraka amin'ny tandrifim-pahefan'izy ireo tsirairay avy
- Marihina fa ny fanazavana rehetra dia narahim-panontaniana sy valiny avokoa
- Nofaranana tamin'ny fijoroana vavolombelona sy fizarana traikefa moa ny lohahevitra teto izay nataon'ny mpampiofana amin'ny maha olomboafidy ny tena (Maire) nandritra ny 12 taona ny tena.

Nasiana asam-baomiera teto ka nozaraina tarika 02 ny mpizaika nandinika ny tandrifin'andraikitry ny Ben'ny Tanàna ny groupe 1 , ary ny tandrifimpahefan'ny Mpanolontsaina ny an'ny groupe 2.  
Toy izao ny vokatry ny asa-baomiera:

<b>GROUPE 1 : ASAN'NY BEN'NY TANANA</b>	<b>GROUPE 2 : ASAN'NY MPANOLONTSAINA</b>
<ul style="list-style-type: none"> <li>• Mpanatanteraka ny volavolankevitra notapahin'ny Mpanolontsaina</li> <li>• Manendry ireo izay hiara hiasa aminy sy ireo mpikambana ao amin'ny Birao mpanatanteraka</li> <li>• Mitady lalam-bola hoentina hampandrosoana ny Kaominina</li> <li>• Mitady tetikady (strategie) entina hampandrosoana ny Kaominina</li> <li>• Mitantana ny fifandraisana ara-panjakana</li> <li>• Manao Sonia ireo taratasy ara-bola</li> <li>• Miandraikitra ny sira-piankohonana</li> <li>• Serasera anatiny sy ivelany</li> <li>• Misolo tena ny kaominina amin'ny raharaham-pitsarana</li> <li>• Mpamolavola ny teti-bola</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>• Mpanome soson-kevitra</li> <li>• Mpanapa-kevitra</li> <li>• Mifampiankina ny asan'ny roa tonta indrindra eo amin'ny lafiny fampandrosoana</li> <li>• Manara-maso ny asan'ny mpanatanteraka</li> <li>• Mandany ny teti-bola</li> </ul>

### **Fanamarihana:**

1. Maro ny fanontaniana teto ,indrindra mahakasika ny fitantanana kaominina, ny amin'ny tokony hatao hanatsarana ny hetra sy fidiram-bolan'ny Kaominina,ny fampidiram-bola avy amin'ny vatosoa saphir,fomba fitadiavana mpiara-miombona antoka sy ny fiaraha-miasa amin'izy ireo, ady amin'ny kolikoly,fifandraisan'ny chef de district sy ny Kaominina, ny amin'ny fahaiza-mitantana ,sns...

Ireo rehetra ireo moa dia nezahina novalina avokoa araka ny traikefa efa nanana sy ny voalazan'ny lalàna velona .

2. Nomarihina fa ny kaominina no kitro ifaharan'ny fampandrosoana , sehatra iray hisian'ny fintantanana-draharaha manakaiky ny mponina , ilaina ny fampandraisana anjara misimisy kokoa ireo vehivavy mba ahafahana mivohy ny miralenta
3. Notsoahina tamin'izany ny tokony ho toetra sy fihetsika raha hilatsaka hofidina ka nampiasa cartonnette no natao teto, toy izao ny vokatra azo:
  - Mahay miara-monina amin'olona
  - Mahay sy ampy fahaizana
  - Mijery ny Miralenta
  - Tia serasera, tsy manana takaitra
  - Mahay mampihavana sy tia fandeferana

## **LOHAHEVITRA 6** ***NY PAIKA FISERASERANA***

### **TANJONA :**

- Ny hahazan'ny mpiofana mamoka sy manohana ny heviny
- Eo ihany koa ny filazalazana ireo asa voasokajy ho an'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fijerena ny fanehoana izany amin'ny fitaovan-tserasera

### **FOMBA NAMPITANA :**

Nezahina novaliana tamin'izany ireto fanontaniana ireto :

- Ahoana ny fivoakan'ny sarin'ny vehivavy ao amin'ny gazety ? ka nozaraina gazety ny isan-tarika nasaina namoaka ny isan'ny lahy sy vavy sy ny andraikitrany avy.

Tsoakevitra tamin'izany fa toy ny zavatra (objet) hatrany ny vehivavy nefa ny lahy sy vavy dia samy source d'information, ary ny gazety dia fitaova-tserasera mahomby sy afaka hanatsarana ny image

- Ahoana ny fanafenana ny feon'ny vehivavy ? tsapa fa rehefa misy toerana omena ny vehivavy ao amin'ny lahatsoratra dia matetika ny momba endrika ivelan'ny vehivavy hatrany no resahina
- Ahoana ny hanomezana lanja ny hevitrao ? natao cartonnette ny fomba fankan-kevitra teto ka nisongadina fa :
  - Tokony hatoky tena
  - Tokony ho fantatra tsara ny anton-dresaka
  - Mahay miresaka, aza miankanankana
  - Mila miomana sy mivonona foana ka raha misy ny hetsika dia tokony hahafehy ny holazaina an-gazety
  - Tsy tsara ny mamaky teny
